




ZATOVO

Mahatsiaro ny Tompo isan'andro



Namana, raharaha ao an-trano, enti-mody, fahitalavitra. Maro be tokoa ireo zavatra izay mila ny fifantohantsika. Kanefa isan-kerinandro isika dia mampanantena ny Ray any An-danitra “fa hotsaroa[ntsika] mandrakariva [i Jesoa Kristy Zanany]” (F&F 20:79).
 Nilaza ny Filoha Eyring fa isika dia afaka “manao safidy isan'andro” izay hanampy antsika hahatsiaro ny Mpamonjy. Mametraha tanjona amin'ity volana ity mba hahatsiaro bebe kokoa ny Mpamonjy isan'andro. Afaka manao tetiandro ianao ary hanolo-tena hanao zavatra iray isan'andro. Ny Filoha Eyring dia nitanisa zavatra toy ny

famakiana soratra masina, ny fivavahana amim-pinoana, ary ny fanompoana ny Mpamonjy sy ny hafa. Ao ihany koa ny fihazonana diary, ny fanatrehana ireo fivoriam-piangonana, ny fihainoana ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, ny fandehanana any amin'ny tempoly, ny fihirana ireo hira ao amin'ny fihirana, ary mbola maro be ny zavatra azo tanisaina! Rehefa mahatsiaro ny Mpamonjy isan'andro isika dia mampanantena ny Filoha Eyring fa “Ireo fitahiana . . . dia ho tonga miadana sy tsy tapaka . . . [ary] hanefy antsika mba ho lasa tena mpianatr'i Jesoa Kristy Tompo.”

ANKIZY

Fitiavana be dia be

Rehefa mamaky ny soratra masina isika na mivavaka, dia afaka mahatsapa hoe hatraiza ny fitiavan'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa antsika. Lokoy ny fo iray isaky ny mivavaka na mamaky ny soratra masina ianao. Inona ihany koa no azonao atao mba hahatsapana ho akaiky kokoa ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy?

